malgache

# Se réconcilier avec Dieu

Par Kelly R. Johnson
*des soixante-dix*

# Mihavàna amin' Andriamanitra

Nataon'ny Loholona Kelly R. Johnson
*Ao amin'ny Fitopololahy*

Conférence générale d'octobre 2025

---

*La réconciliation avec Dieu grâce à l'expiation de Jésus-Christ conduit à une foi inébranlable.*

Lorsque j'étudie les Écritures, je tombe sur des mots qui attirent vraiment mon attention, principalement parce qu'ils ont une signification particulière en raison des expériences que j'ai vécues au cours de ma vie. J'ai fait carrière en tant qu'expert-comptable judiciaire. Dans ce contexte, le termeréconciliera attiré mon attention tandis que je lisais les Écritures. Mon travail consistait à rapprocher (« réconcilier » en anglais, N.d.T) les montants déclarés avec les documents comptables en appliquant des principes de comptabilité, d'audit et d'investigation. En d'autres termes, mon objectif était de faire coïncider les rapports financiers avec les documents financiers correspondants pour en garantir l'exactitude et la validité. Je cherchais diligemment à corriger les écarts et je consacrais beaucoup de temps à résoudre les divergences, même minimes.

L'apôtre Paul a supplié les Corinthiens en ces termes : « Soyez réconciliés avec Dieu! » Être réconcilié avec Dieu signifie être ramené en harmonie avec Dieu ou rétablir une relation avec Dieu qui a été tendue ou rompue à cause de nos péchés ou de nos actions. En termes simples, être réconcilié avec Dieu signifie conformer notre volonté et nos actions à la volonté de Dieu ou, comme Russell M. Nelson l'a enseigné, laisser Dieu prévaloir dans notre vie.

Comme les Écritures l'enseignent, nous som-

*Mitondra ho amin'ny finoana tsy azo hozongozonina ny fihavanana amin' Andriamanitra amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy.*

Teo am-pandalinana soratra masina aho no tojo teny izay tena nanaitra ahy tokoa, indrindra indrindra noho ny dikany manokana ananan'izy ireo ho ahy, avy tamin'ireo traikefako teo amin'ny fiainako. Mpanamarim-bola no asa nataoko hatrizay. Mifandray amin'izany dia nanaitra ny saiko ilay teny hoemihavànaizay novakiako tao amin'ny soratra masina. Ny asako dia ny mampitovy ireo lelavola atao tatitra sy ireo firaketana ara-bola amin'ny alalan'ny fampiasana fahaizana eo amin'ny sehatry ny fitànana vola sy ny fanamarinam-bola ary ny fanaovana fitsirihana. Izany hoe, ny tanjoko dia ny manamarina ireo tatitra ara-bola amin'ireo antontan-taratasy ara-bola mifandray amin'izany mba hiantohana fa marina ary manan-kery izy ireo. Nanao ezaka mafy aho hamahana ireo tsy fitoviana, ary nahazatra izany hoe mandany fotoana betsaka tamin'ny famahana olana na dia tsy fitoviana kely monja aza.

Nitalaho tamin'ireo vahoaka tao Korinto i Paoly mba "hihavana amin' Andriamanitra".Ny hoe mihavana amin' Andriamanitra dia midika hoe miverina mifandray amin' Andriamanitra, na mamerina amin'ny laoniny ny fifandraisana amin' Andriamanitra izay tapaka na simba noho ireo fahotana sy zavatra nataontsika. Raha tsorina, ny hoe mihavana amin' Andriamanitra dia midika hoe mampifanaraka ny sitrapontsika sy ny zavatra ataontsika amin'ny sitrapon' Andriamanitra, araka ny fampianaran'ny Filoha Russell M. Nelson hoe mamela an' Andriamanitra hanjaka eo amin'ny fiainantsika.

Araka ny ampianarina ao amin'ny soratra

mes libres d'agir par nous-mêmes, de « choisir le chemin de la mort éternelle ou le chemin de la vie éternelle». Mais si nous ne sommes pas diligents, cette liberté d'agir par nous-mêmes peut nous amener à nous conformer de moins en moins à la volonté de Dieu.

masina hoe malalaka isika ny hanao zavatra ho an'ny tenantsika, "na hifidy ny lalan'ny fahafatesana mandrakizay na ny lalan'ny fiainana mandrakizay".Kanefa rehefa tsy maneho fahavitrihana isika dia mety hitarika mankany amin'ny fahaverezan'ny fampifanarahana amin'ny sitrapon' Andriamanitra izany fahalalahana hanao zavatra ho an'ny tenantsika izany.

Le prophète Jacob a enseigné que, lorsque nous ne sommes pas en harmonie ou en accord avec Dieu, le seul moyen de parvenir à la réconciliation est de se « réconcilie[r] avec [Dieu] par l'expiation du Christ». Nous devons comprendre que la réconciliation dépend de la miséricorde, ce qui implique que l'expiation, l'acte généreux de Jésus-Christ, rend la réconciliation possible.

Nampianatra ny mpaminany Jakôba fa rehefa hitantsika hoe tsy mirindra na tsy mifanaraka amin' Andriamanitra ny tenantsika, ny hany lalana hanatrarantsika ny fihavanana dia ny "[mihavana] amin' [Andriamanitra] amin'ny alalan'ny sorompanavotan'i Kristy".Tokony ho fantatsika fa ny fihavanana dia miankina amin'ny famindram-po, midika izany fa ny asa feno fahasoavan'ny sorompanavotana no mahatonga ny fihavanana ho azo tanterahina.

En réfléchissant à votre vie, pensez à une occasion où vous vous êtes sentis loin de notre Père céleste parce que vous vous étiez détournés de lui. Par exemple, peut-être êtes-vous devenus moins diligents dans vos prières ou dans le respect de ses commandements. Tout comme nous choisissons de nous éloigner de Dieu, nous devons choisir de faire des efforts pour nous réconcilier avec lui. Le Seigneur a mis l'accent sur notre responsabilité lorsqu'il a dit : « Approchez-vous de moi, et je m'approcherai de vous ; cherchez-moi avec diligence et vous me trouverez, demandez et vous recevrez, frappez et l'on vous ouvrira. »

Rehefa mandinika ny fiainanao manokana ianao dia eritrereto ny fotoana iray izay mety nahatsapanao fa lavitra ny Ray any An-danitra ianao noho ianao niala Taminy. Ohatra hoe, angamba lasa tsy dia nazoto nivavaka Taminy ianao na tsy nazoto nitandrina ny didiny. Tsy misy hafa amin'ny hifidianantsika hanalavitra ny tenantsika amin' Andriamanitra no tsy maintsy hifidianantsika ny hanokana ezaka hihavanana. Nanantitrantitra ny andraikitsika ny Tompo rehefa niteny hoe: "Manakaikeza Ahy dia hanakaiky anareo Aho; tadiavo fatratra Aho dia hahita Ahy ianareo; mangataha dia hahazo ianareo; dondòny dia hovohana ianareo".

Comment le Sauveur nous aide-t-il à rétablir cette importante relation et à nous réconcilier ? En ce qui me concerne, je fais de grands progrès dans mon cheminement vers la réconciliation avec Dieu lorsque je suis le conseil du président Nelson en me repentant chaque jour. Je ressens cela parce que la réconciliation signifie le rétablissement d'une relation brisée, en particulier entre Dieu et l'humanité, en supprimant la barrière du péché.

Ahoana no fomba anampian'ny Mpamonjy antsika hamerina amin'ny laoniny sy hihavana amin'izany fifandraisana manan-danja izany? Ho ahy dia manao fivoarana lehibe aho eo amin'ny diako hihavana amin' Andriamanitra rehefa manaraka ny torohevitra nampianarin'ny Filoha Nelson sy mibebaka isanandro.Ny antony dia satria ny fihavanana dia midika ho famerenana amin'ny laoniny ny fifandraisana izay rava, indrindra eo amin' Andriamanitra sy ny olona, amin'ny alalan'ny fanesorana ilay sakana noho ny fahotana.

L'une des grandes réconciliations relatée dans les Écritures est celle d'Énos. Quelque chose dans sa vie n'était pas en accord avec Dieu. Il a montré l'exemple en s'en remettant à l'expiation de Jésus-Christ pour se réconcilier avec Dieu. Il a expliqué son désir de se repentir, son humilité, ce sur quoi il a concentré son attention et sa détermination. Sa réconciliation avec Dieu a

Ny ao amin'ny Enôsa no iray amin'ireo fihavanana lehibe indrindra vakintsika ao amin'ny soratra masina. Nisy zavatra tsy nifanaraka tamin' Andriamanitra teo amin'ny fiainany. Naneho ohatra ny amin'ny fianteherana amin'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy izy mba hihavanana amin' Andriamanitra. Nohazavainy ny faniriany hibebaka, ny fanetrentenany sy ny

été confirmée lorsqu'une voix lui est parvenue, disant : « Énos, tes péchés te sont pardonnés, et tu seras béni. » Énos a reconnu l'influence que le repentir et la réconciliation ont eue sur lui lorsqu'il a dit : « Et moi, Énos, je savais que Dieu ne pouvait mentir ; c'est pourquoi ma culpabilité était balayée. »

La réconciliation apporte non seulement un soulagement de la culpabilité, mais aussi la paix en nous-mêmes et avec autrui. Elle guérit les relations, adoucit les cœurs et renforce notre vie de disciple, apportant une plus grande confiance devant Dieu. Un autre fruit de la réconciliation, qu'Énos a décrit dans son récit, m'apporte beaucoup d'espoir et de confiance. Il a déclaré : « Et lorsque moi, Énos, j'eus entendu ces paroles, ma foi au Seigneur commença à être inébranlable. »

Quand j'étais enfant, mon grand-père maternel avait une grande cerisaie. J'ai eu l'occasion de travailler dans cette cerisaie, principalement l'été lors de la récolte des cerises. Quand j'étais très jeune, ma participation se limitait à recevoir un seau et à grimper dans un arbre pour cueillir les cerises.

La récolte des cerises a beaucoup changé lorsque mon grand-père a acheté une machine qu'on appelle un « secoueur d'arbres ». Cette machine saisit le tronc de l'arbre et le secoue, faisant tomber les fruits sur des filets pour les y recueillir. J'ai remarqué que, lorsque le secoueur commençait à secouer un cerisier, presque toutes les cerises en tombaient en quelques secondes. J'ai aussi remarqué que certaines cerises ne tombaient pas, que l'on secoue l'arbre pendant dix secondes ou même une minute entière. Elles restaient réellement inébranlables.

Il est possible de faire tomber les cerises d'un arbre en le secouant car elles libèrent de l'éthylène. Cette hormone affaiblit la couche de cellules entre la tige de la cerise et l'arbre. Par conséquent, la tige d'une cerise mûre se détache plus facilement de l'arbre, car son lien est affaibli.

Dans les Écritures, nous apprenons que le tronc d'Isaï est une métaphore du Messie,

fifantohany ary ny fahavononany.Nohamafisina izany fihavanany tamin' Andriamanitra izany rehefa nisy feo tonga taminy nilaza hoe: "Ry Enôsa, voavela ny fahotanao ary hotahiana ianao". Takatr'i Enôsa ny vokatry ny fibebahana sy ny fihavanana teo aminy rehefa nilaza izy hoe: "Ary izaho Enôsa dia mahafantatra fa tsy afaka mandainga Andriamanitra; noho izany, dia nofafana ny hadisoako".

Tsy fanamaivanana ny fahatsapana ho meloka ihany no entin'ny fihavanana fa fiadanam-po ao anatintsika sy manoloana ny hafa ihany koa. Manasitrana ireo fifandraisana izany, mampitony ireo fo, mampiorina ny maha mpianatry ny Tompo antsika ary mampitombo fahatokian-tena eo anatrehan' Andriamanitra. Ny zavatra mitondra fanantenana sy fahatokian-tena lehibe ho ahy dia ny vokatra hafan'ny fihavanana nosoritsoritan'i Enôsa rehefa niteny izy hoe: "Ary rehefa nandre ireo teny ireo izaho Enôsa dia nanomboka ho tsy azo hozongozonina ny finoako ny Tompo".

Fony aho zazalahy kely dia nanana sahana serizy lehibe ny raibeko avy amin'ny reniko. Nanana fahafahana aho niasa tamin'ilay saha, indrindra amin'ny fahavaratra mandritra ny taom-piotazana ireo serizy. Satria aho mbola kely, ny anjara asako noho izany dia tolorana siny, ary ampiakarina ambony hazo hioty ireo serizy.

Niova tanteraka ny fiotazana serizy rehefa nividy milina atao hoe fanozongozonana serizy ny raibeko. Io milina io dia mamikitra ny vatan-kazo ary manozongozona izany ka mampihintsana ireo serizy avy eny ambony hazo ho ao anaty harato izay ampiasaina hitatazana ireo serizy. Tsikaritro fa rehefa manomboka manozongozona ny hazo ilay milina, ao anatin'ny segôndra vitsy dia saika nihintsana avokoa ireo serizy. Tsikaritro koa fa tsy mampiova na inona na inona na 10 segôndra na iray minitra feno no hanozongozonana an'ilay hazo, fa misy serizy sasantsasany tsy mihintsana mihitsy. Tena tsy azo hozongozonina marina izy ireo.

Azo notanterahina tsara ny fanozongozonana ireo serizy hiala amin'ny hazo noho ny fivoahan'ny éthylène. Io tsirimpanentana io no mahatonga ilay soson-tsela mampisaraka ny tahon'ilay serizy sy ilay hazo hihamalemy. Noho izany dia mora miendaka kokoa amin'ilay hazo ny tahona serizy masaka noho ilay fifandraisana nihanalemy.

Mianatra isika ao amin'ireo soratra masina fa ny fototr'i Jese dia sarioahatra maneho ny Mesia,

Jésus-Christ, dont il a été prophétisé qu'il viendrait de la lignée d'Isaï, le père du roi David. Tout comme l'éthylène affaiblit le lien d'une tige de cerise mûre, la désobéissance, les doutes et les peurs peuvent affaiblir notre lien au tronc d'Isaï, c'est-à-dire à Jésus-Christ, nous permettant d'être facilement ébranlés et séparés de lui. Aussi fidèles que nous soyons, nous devons veiller à ce que notre lien à Jésus-Christ ne s'affaiblisse pas.

Dans les Doctrine et Alliances, même les fidèles reçoivent un avertissement : « Mais il est possible que l'homme déchoie de la grâce et se détourne du Dieu vivant. » Le Seigneur ajoute : « Oui, […] que même ceux qui sont sanctifiés prennent garde aussi. » Pour éviter de tomber, le Seigneur recommande « que l'Église prenne garde et prie toujours de peur de tomber en tentation».

On pourrait assimiler l'état consistant à être facilement secoué ou ébranlé à ce que les Écritures décrivent comme le fait d'être mûr pour la destruction, avec des conséquences imminentes. Cette expression peut aussi être utilisée dans un sens plus large pour indiquer un état de dégradation, de corruption ou de déclin qui rend quelque chose susceptible de s'effondrer ou de tomber en ruine.

Que représente cette maturité ? Cela signifie-t-il atteindre le point où nous sommes incapables de changer ? Non, je pense que cela signifie que nous atteignons un point dans le temps où nous ne sommes plus disposés à changer. L'antidote pour ne pas devenir mûrs pour la destruction est de faire les choses qui renforcent notre lien à Jésus-Christ. Comme je l'ai mentionné, le repentir a amené Énos à acquérir une foi inébranlable. Il y a de la force dans le repentir, un repentir régulier, prompt et fréquent. Comme le président Nelson nous l'a enseigné : « Rien n'est plus libérateur, plus ennoblissant ni plus indispensable à notre progression individuelle qu'un repentir régulier, quotidien. »

En plus de prêcher le repentir, le prophète Jacob a enseigné que le fait d'être conscient de la

i Jesoa Kristy, izay naminaniana fa ho tonga amin'ny alalan'ny taranak'i Jese, ny rain'i Davida Mpanjaka.Tsy misy hafa amin'ilay éthylène izay mampalemy ny fifandraisan'ny tahona serizy masaka, ny tsy fankatoavana sy ny ahiahy ary ny tahotra dia mety hampalemy ny fifandraisantsika amin'ny fototr'i Jese, na i Jesoa Kristy, ka hahatonga antsika ho azo hozongozonina mora foana sy ho tafasaraka Aminy. Na dia mety ho mahatoky aza isika dia tsy maintsy mitandrina eo anatrehan'izay mety hampalemy ny fifandraisantsika amin'i Jesoa Kristy.

Na dia ny olona mahatoky aza dia nahazo fampitandremana ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana hoe: "Saingy mety ho lavo hiala amin'ny fahasoavana ny olona ka hiala amin'ilay Andriamanitra velona". Notohizan'ny Tompo hoe: "Eny, … aoka ireo izay efa nohamasinina hiambina ihany koa". Mba hialana amin'ny fahalavoana dia manome torohevitra ny Tompo: "Koa aoka ny fiangonana hiambina sy hivavaka mandrakariva fandrao ho lavo ao amin'ny fakam-panahy".

Ilay toetra hoe azo hozongozonina mora foana dia azo oharina amin'ilay faripaeitan'ny soratra masina hoe masaka ho amin'ny famongorana miaraka amin'ireo voka-dratsin'ny asa atao. Azo ampiasaina amin'ny fomba mivelatra kokoa ilay andian-teny entina hilazana ny toetran'ny fahalavoana na fahasimbana na fihemorana izay mahatonga ny zavatra iray malemilemy ka mora rodana na simba.

Inona no asehon'io fahamasahana io? Midika ve izany fa mety ho tonga amin'ny hoe tsy afaka ny hiova intsony isika? Tsia, midika izany araka ny hevitro fa afaka ny ho tonga eo amin'ilay sehatra tsy ahavonona antsika hiova intsony isika. Ny fanefitry ny fahamasahana ho amin'ny famongorana dia ny fanaovana ireo zavatra izay hanamafy orina ny fifandraisantsika amin'i Jesoa Kristy. Araka ny voalaza dia nitondra an'i Enôsa teo amin'ilay sehatry ny finoana tsy azo hozongozonina ny fibebahana. Misy hery ao amin'ny fibebahana; fibebahana tsy tapaka, fibebahana eo no ho eo ary fibebahana matetika. Araka ny nampianarin'ny Filoha Nelson antsika hoe: "Tsy misy zavatra manafaka kokoa sy maha-olom-banona kokoa na lehibe kokoa ao amin'ny fivoaran'ny tenantsika manokana noho ny fibebahana tsy tapaka sy ny fifantohana amin'izany isanandro".

Ankoatra ny fibebahana dia nampianatra ny mpaminany Jakôba fa ny fanekena ny tan-

main de Dieu dans notre vie, de rechercher et de recevoir la révélation, et d'écouter Dieu quand il parle, nous aide à ne pas être ébranlés. Jacob a aussi enseigné : « C'est pourquoi nous sondons les prophètes, et nous avons beaucoup de révélations et l'esprit de prophétie ; et ayant tous ces témoignages, nous obtenons l'espérance, et notre foi devient inébranlable. » Le fait d'écouter les paroles et les invitations des prophètes et des apôtres, et d'agir en conséquence, nous remplira d'espérance, de confiance et de force, et nous permettra d'acquérir une foi inébranlable.

J'ai appris que le désir d'être réconcilié avec Dieu doit s'accompagner du désir de se repentir. Le repentir et le fait de goûter aux bénédictions de l'expiation de Jésus-Christ conduisent à une foi inébranlable. Une foi inébranlable conduit au désir de toujours se réconcilier avec Dieu. C'est un modèle en boucle et qui se réitère.

Frères et sœurs, je vous invite à vous réconcilier avec Dieu grâce à l'expiation de Jésus-Christ. Je témoigne que le fait de contracter des alliances et de les respecter renforce notre lien au Sauveur, ce qui nous permet d'éviter d'être mûrs pour la destruction. Je témoigne que cette réconciliation avec Dieu, grâce à l'expiation de Jésus-Christ, conduit à une foi inébranlable.

Je sais que notre Père céleste nous aime, vous et moi, et qu'il a envoyé son Fils bien-aimé, Jésus-Christ, pour être notre Sauveur, notre Rédempteur et le grand Réconciliateur. Je témoigne de Jésus-Christ et je le fais au nom de Jésus-Christ. Amen.

an' Andriamanitra eo amin'ny fiainantsika, ny fikatsahana sy fandraisana fanambarana, ary ny fihainoana an' Andriamanitra rehefa miteny Izy, ireo no manampy antsika tsy ho voahozongozona.Nampianatra ihany koa i Jakôba hoe: "Koa manadihady ny mpaminany ary manana fanambarana maro sy ny fanahin'ny faminaniana izahay; ary satria manana ireo vavolombelona rehetra ireo izahay dia manjary mahazo fanantenana, ary ny finoanay dia tsy voahozongozona".Ny fihainoana ny teny sy ny fanasan'ireo mpaminany sy apôstôly sy ny fanatanterahana azy ireny dia afaka manome fanantenana, fahatokian-tena ary tanjaka ho antsika, izay mahatonga ny finoantsika tsy ho azo hozongozonina

Nianatra aho fa ny faniriana hihavana amin' Andriamanitra dia tsy maintsy ampiarahana amin'ny faniriana hibebaka. Mitondra antsika amin'ny finoana tsy azo hozongozonina ny fibebahana sy ny fiainana ireo fitahian'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy. Ny finoana tsy azo hozongozonina dia mitondra mankamin'ny faniriana hihavana amin' Andriamanitra lalandava. Hodina mitamberimberina izany.

Ry rahalahy sy anabavy, manasa anareo aho hihavana amin' Andriamanitra amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy. Mijoro ho vavolombelona aho fa ny fanaovana fanekempihavana sy ny fitandremana izany dia mampatanjaka ny fifandraisantsika amin'ny Mpamonjy ka misoroka ny fahamasahana ho amin'ny famongorona. Mijoro ho vavolombelona aho fa ity fihavanana amin' Andriamanitra amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy ity dia mitondra antsika amin'ny finoana tsy azo hozongozonina.

Fantatro fa tia ahy sy ianao ny Ray any An-danitra, nalefany ny Zanakalahiny malala, i Jesoa Kristy, mba ho Mpamonjy sy Mpanavotra antsika ary ilay Mpampihavana lehibe. Mijoro ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy aho, ary ataoko izany amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena.